



MINISITERAN'NY NY FIOMPIANA

SEKRETARIA JENERALY

FOIBEM-PITONDRANA JENERALIN'NY FIOMPIANA

FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FIOMPIANA

Torolalana momba ny Famokarana ronono



**“Ronono sakafo mahavelona”
“Ronono ho an’ny rehetra”**

I-NY FITONDRANA NY FIOMPIANA

1.1-NYTRANO

1.1.1- NY TOERANA

Malalaka, milamina, maina, azon'ny rivotra sy hazavana.

1.1.2- NY FANORENANA


Atao amin'ny akora na ny fitaovana misy ao an-toerana ny tranon'omby.

- Fototra: atao mafy orina sy matanjaka tsara;
- Rindrina : biriky, hazo, tovam-peta, ritsoka, rapaka, ... ; (eo amin'ny 1,30 m ny haavony);
- Tafo : bozaka, kapila, vondro, fanitso, ravinala, ... ; rafetana mitongilana mba hanary ranon'orana tsara;
- Fanambaniny na (dallage) : simenitra, rarivato, hazo matevina nofisahina, ... ; atao mitongilana mba hivarinan'ny rano maloto. Tsy maintsy atao mafy ny fanambaniny mba hahantaty ny hitsakin'ny omby.

1.1.3- NY FARITRA ANATIN'NY TRANON'OMBIVAVY

| Faritra | Sakany | Fanamarihana |
|---|--------------|--|
| 1 -Lalana fizarana sakafo (couloir d'alimentation) | 0,80 - 1,00m | Refy ambany raha madinika ny omby, |
| 2-Fihinanana sakafo sy fisotroan-drano (mangeoire et abreuvoir) | 0,20 - 0,60m | refy ambony raha mandray refy ambany amin'ny 1 sy 2. |
| 3-Fipetrahana sy fatorian'ny omby (aire de couchage) | 1,60 - 2,20m | Miankina amin'ny isan'ny omby |
| 4-Fanarian-drano (évacuation des eaux) | 0,60 - 0,80m | Araky ny isan'ny omby (1 m ³ hoan'ny omby 4 |
| 5-Lalana fanadiovana (couloir de service) | 0,80 - 1;00m | |
| 6-Lavadranon-jezika (fosse à purin) | - | |

NY RAFITRIN' NY TRANON'OMBY



“TRANON'OMBY MADIO NO TANJONA”

| | |
|-----------------------------|--------------------------------------|
| 1-Lalana fizarana sakafo | 5-Lalana fivezivezena sy fanadiovana |
| 2-Fihinanana sy fisotroana | 6-Lav adranon-j ezika |
| 3-Fipetrahana s y fatoriana | 7-Lava-jezika |
| 4-Fivarinan-drano | |

1.1.4- NY FARITRA Hafa Manokana

- Tsy maintsy anaovana tranony na efitra manokana ny sokajim-biby : zanakomby, vatotromby ary ny ombilahy ;
- Manao lava-jezika na tranon-jezika izay arovana amin'ny hain'andro sy orana.
- Araka ny fahefa-manao ny tsirairay anefa dia tsara raha manorina :
 - trano fanamboarana sy fitahirizana otri-bilona;
 - trano fitahirizana vilo-maina;
 - efitra na trano fitobian'ny fitaovana fiasana;
 - efitra na trano fiterahana ;
 - efitra na trano ho an'ny fitaovana fikarakarana ny ronono;
 - efitra na trano fiterena;
 - efitra na trano fikarakarana sy fitehirizana ny fanampin-tsakafo.

1.1.5 - NY REFIN'NY TOERAN'NY OMBYISAN-TSOKAJINY

| Sokajiny | Halavany manaraka ny halavan'ny omby (m) | Sakany isan'omby (m) | Haavon'ny rindrina ivelany m) (*) | Haavon'ny rindrina Andry mitondra ny tafo (m) | Haavon'ny rindrina Manasaraka ny efitra (m) |
|-----------|--|----------------------|-----------------------------------|---|---|
| Reniny | 1.60 - 2.20 | 1.20 | | | 1.10 |
| Lahinomby | 2.20 | 1.20 - 1.60 | 1,30 | 2.40 | 1.50 |
| Vatony | 1.90 | 0.90 | | | 1.10 |
| Zanany | 1.20 | 0.60 | | | 1.0 |

(*) Azo atao ny mameno ny rindrina hatrany amin'ny tafo fa tsy maintsy asiana varavaran-kely ahazoan'ny ri voira mifamezivezy.

1.1.6- NY FIKOJAKOJANA NA FANADIOVANA

Iaina madio isan'andro ny tranon'omby sy ny manodidina azy mba hitandrovana ny fahasalamana amin'ny alalan'ny:

- Fanasana ny fanambaniny amin'ny rano madio ,
- Fanesorana ny lafika mando sy maloto ,
- Fitondrana lafika maina sy madio,
- Fanesorana ny tain'omby,
- Fanesorana ny rano mihandrana ao anatin'ny tranon'omby,
- Fanesorana ny tranokala izay mitazona fako sy vovoka.

1.2- NY SAKAFO

1.2.1- NY VILONA

Ny vilona no foto-tsakafon'ny ombivavy. Tsy ampy anefa raha ny vilona eny an-kijana ihany fa tsy maintsy ilofosana ny fambolena vilona amin'ny toerana manokana mba afahana manana vilona tsara mandava-taona. Izany no antoky ny fampitomboana ny vokatra ronono.

Ny vilona tokony omena anefa dia ny karazam-bilona betsaka raviny, tsy antitra loatra, tsy misy fofony ary madio. Mampiasà masomboly voafantina.

Tsara ho marihina fa ny fatran' ny vilona fanome ny omby dia izay be indrindra laniny mba hampihena ny mason-karena amin'ny fihenana'ny lanjan'ny provandy laniny.



-Voly vilona fahavaratra: manomboka ny volana Oktaobra ka hatramin'ny Desambra, volena an-tanety masaka ary atao malemy asa tsara.

Ireo karazam-bilona : katsaka, pennisetum , klorisy, setaria,brakaria, ...

-Voly fararano(anelanelam-potoana): manomboka ny volana Janoary ka hatramin'ny Marsa izay kendrena mba ho vokatra manomboka ny volana Aprily ka hatramin'ny Aogositra, ho fanampin'ny vokatra ny voly fahavaratra.

Ireo karazana vilona azo volena : rady, avoanina, ray-girasy,...

-Voly avotra (ririnina): manomboka ny volana Aprily ka hatramin'ny Aogositra. Kendrena kosa anefa mba ho tany misy rano azo fehezina no ampiasaina.

Ireo vilona azo volena : ray-girasy, avoanina, tirefila,...

Mila zezika ny fambolena vilona toy ny zezi-pahitra, NPK, Urée, rano-jezika, dôlômita. Ny ftondrana ny zezika dia miankina amin'ny karazam-bilona volena ary koa ny haben'ny tany fambolena vilona.

Ny zezi-pahitra sy ny NPK dia afafy amin'ny fotoana iasana ny tany. Ny Urée kosa dia afafy iray volana aorian'ny famafazana ny masomboly, ary rehefa avy mijinja ny vilona.

1.2.1.1. NY FAMOKARANA VILONA

| Karazana | Fotoam-panibolena | Famafazana sy fambolena | | | |
|------------------------------|-------------------|-------------------------|---------------------|-------|---------------|
| | | goany kg /ara | Zana-bilona na taho | fafy | fafy saritaka |
| VOLY.FAHAVARATRA | | | | | |
| <i>Klorisy</i> | <i>nov -janv</i> | 0.2 | - | 20 | Eny |
| <i>Stiaria</i> | <i>nov -janv</i> | 0.2 | 30x30 | 20 | Eny |
| Penisetaoma P. | <i>nov -fév</i> | - | 40x40 | 40 | - |
| <i>Brakaria</i> | <i>nov -janv</i> | 0.2 | 30x30 | 20 | Eny |
| <i>Katsaka atao ansilazy</i> | <i>Nov -janv</i> | 0.8-1 | - | 50-70 | - |
| VOLY FARARANO | | | | | |
| Rady | <i>janv -mars</i> | 0.02 | - | 50x20 | - |
| <i>A voanina</i> | <i>janv -mars</i> | 0.8-1.2 | - | 20 | Eny |
| Ray girasy | <i>janv - fév</i> | 0.15-0.2 | - | 20 | Eny |
| VOLY AVOTRA | | | | | |
| <i>Ray girasy</i> | mai - août | 0.15-0.2 | - | 20 | Eny |
| <i>Avoana</i> | mai - août | 0.8-1.2 | - | 20 | Eny |
| <i>Tirefi/a</i> | mai - juil | - | 30x30 | 30 | Eny |
| Katsaka | août - sept | 1-1.5 | - | 50-70 | - |

| Karazana | Fandonahana sy fanamasahana | | | | Fotoam-panapahana | Isan'ny fanapahana | vokatra lanja maina Kg/ara | Hery entina UFL/kg Lanja maina |
|------------------------------|-----------------------------|---------------------|------------|--------------|-------------------------------|--------------------|----------------------------|----------------------------------|
| | Dolomita Kg/ara | Zezi-pahitra Kg/ara | NPK Kg/ara | Urée* Kg/ara | | | | |
| VOLY FAHAVARATRA | | | | | | | | |
| <i>Klorisy</i> | 20 | 200 | 3 | 1 | Alohan'ny misondro-dreny | 3 | 600 - 750 | 0.77 |
| <i>Sataria</i> | 10 | 200 | 3-4 | 1 | Alohan'ny misondro-dreny | 3 | 600-700 | 0.74 |
| <i>Penisetaoma P.</i> | 10 | 200 | 3 | 1 | 0,6 - 1 m | 3-4 | 800-1000 | 0.86 |
| <i>Brakaria</i> | 10-20 | 200 | 3 | 1 | Alohan'ny misondro-dreny | 3 | 800-1000 | 0.70 |
| <i>Katsaka alao ansilazy</i> | 5- 10 | 150-200 | 3 | 1 | <i>Voa mamoaka maditidity</i> | ; | 400 | 0.75 (<i>katsaka ansilazy</i>) |
| VOL Y FARARANO | | | | | | | | |
| <i>Radv</i> | - | 200 | 3 | - | 3 volana | i | 800-1200 | 0.92 |
| <i>Avoana</i> | S | 300 | 3 | 1 | Alohan'ny misondro-dreny | 1-2 | 500-800 | 0.93 |
| <i>Raygirasy**</i> | 5-10 | 200 | 3 | 1 | 3 volana | 1-3 | 400-800 | 1.07 |
| VOL Y AVOTRA | | | | | | | | |
| <i>Raygirasy</i> | - | 100 | 4-5 | 2-3 | 2.5-3 volana | 3-5 | 800-1000 | 1.07 |
| <i>Avoana</i> | - | 100-200 | 3 | 1 | Alohan'ny misondro-dreny | 3 | 500-800 | 0.93 |
| <i>Tira fila,</i> | 10-20 | 200 - 300 | 4-5 | - | 3.5 volana | 3-4 | 600-800 . | 1.01 |
| <i>Katsaka</i> | ' | 150-200 | 3 | 1 | 0.75-1. 5 m | 1 | 500 - 700 | - |

(FIFAMANÔR- 2004) (**):Amin'ny faritra be ranonorana na dibo-drano

NY VELARAN-TANY :

Ny haben'ny tany tokony ho volena vilona dia miankina amin'ny isa sy sokajin'omby misy (reniomby, lahinomby, vatony na zanakomby) ary koa ny karazam-bilona volena.

Amin'ny ankapobeany ny reniomby iray dia mitaky manodidina ny 75 ara.

1.2.12-NY FITEHIRIZANA VILONA

❖ Ny Vilomaina :

Rehefa maina ny andro no anaovana ny vilomaina. Avela aloha ho afaka ny ranon'ando vao tapahana ny vilona hamainina ary amin'ny vanim-potoana misondro-dreny azy izany. Maharitra telo ka hatramin'ny folo andro ny vilona vao maina; aza hadino ny mamadibadika ny vilona in-droa isan'andro. Rehefa maina tsara ny vilona, dia tehirizina amin'ny toerana maina sy azon-drivotra tsara ary voaro amin'ny orana. Karazam-bilona madini-taho no tsara atao vilomaina:klorisy, brakaria,...

❖ Ny Otribilona na Ansilazy :

Ny otribilona dia fomba fitehirizana vilona nolazoana na vilona maintso vao avy notapahina nandritra ny iray na roa andro. Ny vilona rehetra dia azo atao otribilona, fa ny katsaka no tsara indrindra. Atao anaty lavaka na rindrina vita mafy ny vilona nolazoana, afatratra tsara hiala ny rivotra, tsindriana amin'ny zavatra mavesatra, fonosina amin'ny tsilena na plastika, ary totofana tany mba tsy hisy rivotra tafiditra ao anatin'ny. Ny vokatra azo dia tokony hilanja eo amin'ny 700-750 kg isa-metatra tora-telo.



VILO-MAINA



OTRI-BILONA

1.2.2-NY PROVANDY

Na dia vilona aza no foto-tsakafon'ny ombivavy mpamokatra ronono, dia ilaina ihany koa ny manome fanampin-tsakafon'ny provandy isan'andro mba ahafeno ny filana sy ahatsara ny ronono vokarina. Miankina amin'ny karazana sy ny fatran'ny vilona omena anefa ny akora hanaovana ny provandy.

Ireto ny akora azo ampiasaina amin'ny provandy: katsaka, manga-hazo, apombo (vary na varim-bazaha), vovotrandro, faikam-boanjo na soja, faikana hasy (tourteau de coton),...

Amin'ny ankapobeny dia arakaraka ny ronono vokarin' ny ombivavy iray ny fatran' ny provandy omena azy, eo amin'ny **200 grama** ka hatramin'ny **400 grama** isaky ny ronono **1 litatra vokatra**.

TANDREMO ! Tsy maintsy vilona ihany no betsaka fa ny provandy dia tsy tsara omena mihitsy raha tsy ampy ny vilona.

1.2.3-NY RANO

Tsy maintsy misotro rano izay laniny ny ombivavy (**50 litatra, na 5 siô isan'andro** farafahakeliny ny rano sotroan'ny ombivavy iray).

- Ataovy madio lalandava ny tavy fisotroana,
- Mampiasa rano madio mandrakariva,
- Asio rano azo sotroana lalandava eo akaikiny,
- Soloy matetika ny rano.

Antoka iray lehibe ny fahombiazan'ny famokaran-dronono ny fanomezana rano ny ombivavy araka izay laniny.

1.2.4-NY SAKAFON' NY ZANAKOMBY

- Ronono no foto-tsakafon' ny zanakomby hatramin'ny telo volana;
- Vao teraka hatramin'ny faha dimy andro dia omena riba na songo ;
- Faha enina andro ka hatramin'ny telo volana, omena vilona maina sy provandy natokana ho an'ny zanakomby, ka **100 grama hatramin'ny 1,5 kilao** ny fatra omena azy isan'andro ;
- Feno efa-bolana ny zanakomby dia afaka omena vilo-maintso tsikelikily ary tsy omena ronono intsony.
- Rehefa feno fito volana ny zanakomby dia aroso azy ny provandy natokana ho an'ny vantony.

Koa ny **"SAKAFO VOAFEHY VOKATRA MIHATSARA"**

1.3- NY FANATSARANA NY TARANAKA

Amin' ny ankapobeny, ny omby gasy dia manome hena fa tsy dia manome ronono loatra.

Ho fampiroboroboana ny famokarana ronono eto amintsika dia tsy maintsy hatsaraina miandalana amin' ny alalan'ny karazanomby be ronono avy any ivelany ireo omby gasy ireo .

1.3.1- NY KARAZANA OMBY BE RONONO FANATSARANA TARANAKA EFA MISY ETO AMINTSIKA

- Pie Rouge Norvégienne (PRN)
- Holstein
- Prim'Holstein
- Frisonne Française Pie Noire (FFPN)
- Normande
- Montbéliard

1.3.2 - NY FOMBA ENTINA MANATSARA TARANAKA

Misy karazana telo ireo fomba entina manatsara taranaka :

- Fampanarahana voajanahary (monte naturelle)
- Fampanarahana entin-tanana (insémination artificielle)
- Famindrana tsaika (transfert d'embryon)

Ireo roa voalohany no tena fampiasa matetika eto amintsika.

➤ Ny fampanarahana voajanahary

Ombilahy tsara taranaka ary salama tsara no manaraka ireo ombivavy voafantina hanatsarana taranaka.

➤ Ny fampanarahana entin-tanana

Ny tsirinainan' ireo omby lahy tsara taranaka no ampidirina amin'ny alalan'ny fitaovana voatokana ao amin'ny taovapananahan' ny ombivavy.

Teknisiana voaofana ary manana traikefa amin'izany ihany no afaka manao io fampanarahana enti-tanana io.



"FAMPANARAHANA ENTIN-TANANA"

1.3.3 - NY FOTOANA FAMPANARAHANA

Tsy atao ny fampanarahana raha tsy taitra ny ombivavy. Ireto avy ireo faraantarana izany fahatairana izany :


- Mitrena
- Milelaka ny namany
- Orohan'ny namany ny fivaviany
- Miezaka misavika ny namany
- Manaiky savihan'ny namany

Mivoaka tsiloly madity tsy mateza ny fivaviany ary farany dia mivadika ho mateza roitina .

Rehefa miseho ny famantarana dia tsy maintsy atao ny fampanarahana ao anatin'ny **8 ka hatramin'ny 12 ora**. Izany hoe, raha taitra ny maraina dia ampanarahana ny hariva ; raha taitra ny hariva kosa dia ampanarahina ny maraina..

Noho izany tsy maintsy araha-maso tsara ny ombivavy ompiana. Raha tsy mahomby ny fampanarahana voalohany, dia miverina ny fotoana fahatairana afaka 21 andro.

1.3.4 - NY FIZOTRAN'NY FANATSARANA TARANAKA



1.3.5 - NY VOKATRA AZO AVYAMIN'NY FANATSARANA TARANAKA

Ny fitombon'ny vokatra azo no tambin'ny fanatsarana taranaka izay atao. Mandeha miandalana mantsy izany fanatsarana izany, ka arakaraky ny hanohizana azy no ahazoana vokatra tsaratsara hatrany.

Ireto misy tarehi-marika vitsivitsy maneho izany fitomboam-bokatra izany:

| KARAZANA | RONONO AZO (litatra/taona/ombivavy iray) | | | |
|----------|---|----------|----------|-------|
| | | 3/4 sang | 7/8 sang | pure |
| PRN | 2 500 | 3 600 | 6 700 | 9 000 |
| HOLSTEIN | 1 980 | 3 960 | 6 000 | 9 000 |
| NORMANDE | 2 640 | 4 950 | 6 930 | 8 000 |

Marihina fa ireo vokatra ireo dia azo eto Madagasikara tamin'ny fiompiana manaraka ny teknika (sakafo, fitondrana ny fiompiana,...)

FEHINY

Tsy ny fitomboan'ny vokatra ronono ihany no tombotsoa a/o avy amin'ny fanatsarana taranaka fa eo koa ny :

Fanatsarana ny fitantanana ny taranak'omby

Fihenana ny taona iterahan'ny omby voalohany

Fihenana ny elanelam-piterahana roa mifanesy, tokony hiteraka isan-taona ny ombivavy be ronono iray.

Ka mitombo vetivety ny isan'ny biby eo amin'ny toeram-piompiana.

1.4.- NY FIKAJIANA NY FAHASALAMANA

"Aleo miaro toy izay mitsabo"

Tombontsoan' ny mpiompy ny fananana omby salama. Ny biby salama ihany no afaka mitombo sy mamokatra ara-dalana, hanome vokatra tsara sady betsaka.

1.4.1.. NYATAO HOE OMBY SALAMA

- Morà mailo, mitraka sy mihiratra tsara, mitsangana ny sofmy ary manetsika izany raha vao mandre feo
- Mazoto homana sy mamadikota
- Madio sy maina tsara ny fivaviany, afa tsy amin'ny fotoan'ny fahatairany
- Tsy mafy loatra nefa tsy malemy ny tain'omby
- Nofosana, mijoro tsara, tsara famindra na ao anatin'ny andian'omby aza
- Madio volo, mileleka ny vatany ary mamela faritra izay lelafiny.

1.4.2.- NY TOE-JAVATKA MAHATONGA NYARETINA

Maro ny antony mety mahatonga ny aretina eo amin'ny toeram-piompiana omby, anisan'izany ireto manaraka ireto:

1. Tranon'omby tsy ara-dalana
2. Sakafo tsy zarizary (habetsany, hatsarany).
3. Loto miavosa eo amin'ny toeram-piompiana (ao an-tranon'omby)
4. Kankana (soko) sy bibikely isan-karazany
5. Otrik'aretina

1.4.3.- NY ARETINA MPAHAZO NY OMBIVAVY BE RONONO

Mamita (Areti-nono) :

Ny "mamita" dia aretin'ny nonon'omby. Mikraoba (bactéries) no mahatonga azy. Miditra amin'ny lohanono na ratra amin'ny vatanono ny mikraoba.

- *Fisehony :*

- * Mafana, mena , mivonto ary marary azy ny nonon'omby.

Matsora na mivaingana na madity ary misy rà ny ronono (miova loko) mivoaka amin'ny nonon'omby, mijanona ho mafy be ilay nono ary tsy marnokatra ronono intsony raha tsy misy fitsaboana,

- *Fitsaboana* :

- * Ritina tsara ny nonon'omby ary dioovina tanteraka.
- * Ampidirana fanafody manokana manasitrana ny areti-nono izay hita eny amin'ny toeram-pivarotana fanafodim-biby.
- * Raha tsy misy ny fiovana na miverimberina ny aretina dia tsara ny miantso mpitsabo.

- *Fiarovana* :

- * Fitandroana ny fahadiovana ao an-tranon'omby sy eo am-piterena , fandritrana tanteraka ny ronono isaky ny mitery.
- * Fanadiovana tsara ny nonon'omby alohan'ny hiterena azy.

TSARA HO MARIHINA

Azo fantarina mialoha ny aretina "**mamita**" amin'ny alalan'ny fitsirihana manokana.

1.4.4.- NY ARETIN'NY TRANON-JAZA

Metrita :

Aretina vokatry ny fidiran'ny mikraoba ao anatin'ny tranon-jaza.

- *Fisehony*: Misy tsiranoka miloko mavomavo na fotsifotsy toy ny nana mivoaka amin'ny fivaviana.
- *Fitsaboana* : Manatona ny mpitsabo biby satria mety hiteraka fahamombana io aretina io raha ratsy tsabo.

1.4.5.- NY OMBY TSY AFA-TAVONY

Matetika miseho aorian'ny fiterahana

- *Fisehony* : Hita mijanona mikirazorazo eo amin'ny fivaviana ny tavony.Mamoaka fofona maimbo raha mijanona eo mihoatra ny 24 ora.
- *Fitsaboana* : Antsoy haingana ny mpitsabo biby raha vao tsy miala ho azy ny tavony , adiny 8 na 10 ora aorian'ny nahaterahan'ny zanakomby.

1.4.6.- NY FIVOAHAN'NY TRANON-JAZA

Matetika miseho rehefa saro-piterahana ny omby

- *Fisehony* : Tafavoaka ety ivelany ny tranon-jaza.
- *Fitsaboana* : Miantso haingana ny mpitsabo hamerina ny tranon- jaza amin'ny toerany.

1.4.7.- NY FAHASAROTAM-PITERAHANA

Raha vao tsy mizotra ara-dalàna araka ny tokony ho izy ny fiterahana, dia aleo miantso haingana ny mpitsabo biby mba tsy ho faty sempotra ny zanakomby.

1.4.8.- NY ARETINA AZO AVY AMIN'NY FIRAISANA

Maro karazana izy ireo saingy mitovitovy ny fisehony.Tsara ho fantatra fa areti-mifindra avokoa izy ireo.

- *Fisehony* : Tsy mahomby ny fampanarahana. Raha mahomby ny fampanarahana dia miseho ny fahafahan'anaka. Misy tsiranoka toy ny nana mivoaka amin'ny fivaviana.
- *Fitsaboana* : Ny tsara dia miantso mpitsabo biby hanao ny fitsaboana.

1.4.9.- TSY FAHALEVONAN-KANINA SY FIZIRIHAN'NY KIBO

Ity aretina ity dia vokatry ny fihinanana tafahoatra vilona tanora loatra

sy ny,sakafo be azota (légumineuse, provandy) ary ny tsy fahampian'ny rano nosotroina. Miseho koa izy raha miova tampoka ny sakafo omena na manome rano mangatsiaka loatra.

- *Fisehony*: Tsy mandinika ny omby ary mibontsina ny kibony havia ambony. Somary mitohana ny omby ary mafimafy ny tainy raha misy. Mitaraina ny omby ary mitambokona ny lamosiny.
- *Fitsaboana* : eo ampiandrasana ny fahatongavan'ny mpitsabo dia :
 - o Ampisotroina rano betsaka ny omby (asiana sira kely),
 - o Ampisotroina menaka : 0,25-0,5 Htatra, ary sintonina ny lelany mba handrezatra izy,
 - o Tsy ormena sakafo maintso ny omby mandritra ny fitsaboana.

1.4.10.- NY FIKAJIANA ANKAPOBENY NY FAHASALAMANA

- Fitandrovana ny fahadiovana eo amin'ny toeram-piompiana
- Fanomezana ara-potoana ny fanafody kankana sy fanafody manala dinta : *Averina isaky ny telo volana*
- Fanesorana kongona sy famonoana bibikely (lalitra,...). *Atao raha vao hita fa mihamaro izy ireo eo amin'ny toeram-piompiana*
- Fanaovana vakisiny ara-potoana :
 - Miaro amin'ny aretina telo : beary, besoroka ary fivalanan- dririnina atao indray isan-taona
 - sindrona roa mielanelana 21-30 andro.

1.5.- NYFITERENÀ

"Ireo didyfolo vofamena mikasika nyfiterena ombivavy"

1. Terena ao anatin' ny fahadiovana, mampiasà fitaovana madio sy maina, tsy mitana loto na fofona (inox na aluminium);



"TERENA AO ANATIN'NY FAHADIOVANA"

2. Terena in-droa isan'andro;
3. Terena amin'ny ora tsy miovaova, tsara raha mitovy ny fotoana manelanelaria ny fiterena;
4. Terena ao anatin'ny tahatoniana tsy misy tabataba;
5. Diovana amin'ny rano mafana ny tohanono ary fafana madio tsara, esorina ny ronono tavela tao anaty lohanono efatra;
6. Mipetraka tsara fa tsy mitingitingina, terena mifandipatra ny lohanono amin'ny tanana roa;
7. Jerena amin'ny ankihife na ny felatanana manontolo;
8. Terena tsy miato mandritry ny 7 na 10 minitra eo ho eo ny ombivavy iray ary atao ritra tanteraka ny ronono;
9. Tatanina ny ronono ary apetraka amin'ny toerana mangatsiaka;
10. Tokony ho tonga any amin'ny toeram-panangonana, na eny amin'ny mpanjifa ny ronono raha vao vita ny fiterena.

II- NY VOKATRA ANDRASANA

Zanakomby sy ronono no vokatra andrasana voalohany avy amin'ny ombivavy be ronono. Tsy azo adinoina anefa fa misy koa ireo vokatra hafa fanampiny azo trandrahana amin'ny fampiasana azy ireo toy ny hena, zezika, hoditra,



RONONO

ZANAK'OMBY

2.1.- NY RONONO

Miakatra hatrany ny ronono vokarin'ny ombivavy iray manomboka ny taona voalohany anomezany ronono (1ère lactation) ka hatramin'ny taona faha efatra (4ème lactation) izay ahatratarany ny fahafahana mamokatra be indrindra.

2.2.- NY ZANAKOMBY

Tokony miteraka isan-taona ny ombivavy be ronono iray raha toa ka manaraka ny fiompiana ara-teknika. Miteraka in-enina na im-balo eo ho eo ny ombivavy iray amin'ny ankapobeny alohan'ny hitsaharany ; ny ombivavy iray izany dia tokony hanome zanaka enina na valo mandritrin'ny fiainany.

2.3.- NY ZEZIKA

Ny omby iray dia azahoana zezika eo amin'ny 6 ka hatramin' ny 8 taonina isan-taona eo ho eo, raha mitondra lafika dia 12 ka hatramin'ny 15 taona.

2.4.- NY HENA

Ny zanakomby lahy, ny ombivavy ary ny ombilahy tsy ilaina amin'ny famokarana intsony no azo vonoina ahazoana hena.

Tsara ho marihina fa voararan' ny lalàna ny mamono ombivavy, raha tsy mahazo alalana avy amin'ny tompon' andraikitrin' ny Fiompiana.

2.5.- NY HODITRA, TANDROKA, KITRO ARY TAOLANA

Azo ahodin'ny mpanao taozavatra ho fitaovana fampiasa isan-karazany. Ny taolana dia azo ampiasaina hatao zezika hanatsarana ny fambolena.

III- NY FITANANA AN-TSORATRA NY FIOMPIANA

Ireto misy fomba tsotra azo ampiasaina mba afahana mandray an-tsoratra ny zava-miseho rehetra mikasika ny biby tsirairay :

3.1.- NY TARATASIN'OMBY

| Anarana | Laharana | Karazana | Daty nahaterahana | Ray | Reny | Volony |
|---------|----------|----------|-------------------|-----|------|--------|
| | | | | | | |

3.2- FIRAKETANA AN-TSORATRA NY FAMOKARANA

ANARANA : FITERENA FAHA :

| Daty | Ronono vokatra (litatra) | Sakafo | Hafa |
|------|--------------------------|--------|------|
| | | | |

3.3- FIKARAKARANA ARA-PAHASALAMANA

| Daty | Aretina | Vakisiny | Fanafody | Hafa |
|------|---------|----------|----------|------|
| | | | | |

3.4.- VOLA MIDITRA SY MIVOAKA AMIN'NY FAMOKARANA

| Daty | Antony | Vola miditra | Vola mivoaka |
|------|--------|--------------|--------------|
| | | | |

"Raha voafehinao avokoa ireo torolalana ireo, dia ho afaka ny fahasahirananao."

Raha mila fanazavana fanampiny manatona ny teknisianin'ny fiompiana na ny :

DIRECTION DES RESSOURCES ANIMALE (D. R. A.)

BP : 291

Ampandrianomby (101) Antananarivo

Tel : 22 400 11 na 22 415 94

"FAMOKARANA ARA-PIOMPIANA MAHOMBY

ANTOKIN'NY FAMPANDROSOANA "